# Ny kôminôten'i YAOUNDE



**Masera MAMY Viviane RAZAFITSALAMA, Mpiandraikitra ny kôminôten'i Yaoundé**

Taorian'ny lozam-piarakodia sy volana maro nitsaboako tena dia misaotra ny Tompo aho noho ny Soa vitany. Misaotra ny mpitsabo, an'i mama Odile niaraka tamiko nandritra ny enim-bolana, ny Fikambanantsika tamin'ny fitsaboana, ny fivavahana, …, tsy hadino ny fanampiana sy ny fiahiana nahafatra-po n'ireo Eveka, Pretra, mpiara-miasa, fikambanandrelijiozy samihafa, lahika ary singanina manokana ny GASYCAM. Misaotra amin'ny aina sy ny fihaonana: Andriamanitra anie hitso-drano anareo !




**Masera RASOAMANANANDRO Florentine IVOM-PIOFANANA MB MARIA GORETTI**

Miasa amin'ny ivom-piofanana ho an'ny tovovavy aho mba hanomana ny ho aviny. Mianatra mandidy fitafiana sy manjaitra izy ireo, peta-kofehy sy fiofanana fanampiny.

Amin'ny ankapobeny dia mora mandray izy ireo. Isan'andro isan'andro izahay dia miezaka mihoatra ireo fahasarotana misy toy ny tsy fahampian'ny fahalalana tamin'ny fianarana vita na tsy fahampian'ny vola hanefana ny saram-piofanana.





Na dia eo aza izany  dia azoko lazaina fa manao ezaka be dia be izy ireo.



**Masera NGEFAC Prudencia ATEM**

Tena vintana ho ahy satria ahitako hafaliana lehibe ny fampianarana ao amin'ny ambaratonga voalohany ao amin'ny Sekoly Masina Misely Arkanejy any Elig edzoa.Fampitana fahalalàna amin'ny ankizy madinika na dia tsy mora madrakariva. Miaraka amin'ny fanampian'ny Fanahy Masina sy miankina amin'ny Fanomezam-pahasoavan'ny Fikambanana-fiombonana sy fampihavanana dia sambatra aho manatontosa ny asam-panirahako. Te hankahery ireo mpampianatra hafa ihany koa mba ho vavolombelona fa tsy misy tsara indrindra noho ny mampianatra !





**Masera Alice ETOKI**

Miarahaba ! Mahafaly ahy ny mizara aminareo ny asam-panirahako ato amin'ny Arsidiosezin'i Yaoundé. Ankoatra ny fianarana izay ataoko ao amin'ny Institut de Théologie et de Pastorale pour Religieux (ITPR), dia anisan'ny mpanentana ny « Fiantsoan'Andriamanitra » « matinées vocationnelles (MAVO) ». Mihaona isaky ny Alahady faharoa any Mvolyé izahay.Indraindray mandeha any amin'ny Paroasy mihaona amin'ny tanora na ny Kristianina mamantatra ny ho antso ho azy satria ny tanjonay dia hanampy ny tanora hanao ny fandanjalanjana izay safidy ataony. Ny lohahevitra ho an'ity taona ity dia hoe « ny tanora sy ny fahamasiana». Ny hafalianay dia ny mahita ny tanora liana amin'ny Tenin'ny Tompo izay miantso azy ireo ary ny mamaly izany antso izany.



Tsy mora mandrakariva ny mahazo tanora handray anjara fa fantatray fa ny antso dia avy amin'Andriamanitra ary Izy no miteny ao am-pon'ny tsirairay.



## " Mba hananan'izy ireo fiainana be dia be ! "



